

## **HAFATR' i PAPA FRANSOA HO AN'NY ANDRO MANERAN-TANY FAHA-30 HO AN'NY MARARY**

**“Aoka ho mpamindra fo tahaka ny rainareo mpamindra fo ianareo” (Lk 6,36)  
Mitoetra eo anilan’ireo mijaly eo amin’ny lalan’ny fitiavana**

Ry rahalahy sy anabavy malala,

Telopolo taona lasa izay no namorongan'i Masindahy Joany-Paoly faharoa ny andro maneran-tany ho an'ny marary mba hanentanana ny vahoakan'Andriamanitra sy ireo rafitra arapahasalamana katôlika rehetra ary ny fiaraha-monim-pirenana, hahatsiaro manokana ny marary sy ireo rehetra mitsabo sy mikarakara azy ireo. (1)

Velom-pankasitrahana an'Andriamanitra isika noho ireo lalana efa nizorana teo anivon'ny Eglisy tsirairay manerana an'izao tontolo izao nandritra izay taona izay. Maro ireo dingana efa vita, nefo mbola lava ihany koa ny lalana hodiavina mba hahazoana antoka ny fitsaboana sahaza ireo marary, indrindra ireo miaina anaty fahantrana lalina sy fanilikilihana, ary koa ny mba hisian'ny fitantanana ara-pastôraly hahafahan'ireo marary miaina ny fotoana haharariana miaraka amin'i Kristynofantsihana sy nitsangan-ko velona. Hanampy antsika hanakaiky bebe kokoa ny marary sy hanompo azy ireo sy ireo fianakaviany anie ny fankalazana ny andro maneran-tany faha-telopolo ho an'ny marary izay saika hankalazantsika any Arequipa – Pérou, saingy voatery hatao ao amin'ny Bazilikan'i Md Piera ao Vatikana noho ny valan'aretina covid 19.

### **1. Mpamindra fo tahaka an'Andriamanitra Ray**

Ny lohahevitra nofidiantsika amin'ity andro maneran-tany faha-telopolo ity manao hoe: «Aoka ho mpamindra fo tahaka ny Rainareo mpamindra fo ianareo» (Lk 6,36) dia mampitodika ny fijerintsika rehetra ho any amin'Andriamanitra «manan-karena amin'ny famindram-po» (Ef 2,4), izay mijery mandrakariva ny zanany amin'ny fitiavan'ny ray, eny fa na dia manalavitra azy aza ireto farany. Araka izany, ny famindram-po mihitsy no anaran'Andriamanitra ambony indrindra, maneho ny maha Izy azy, tsy amina fihetseham-po mandalo fa toy ny hery ao aminy amin'izay rehetra ataony. Sady hery izy no fitiavana ihany koa. Izany no antony ahafahantsika miteny, amim-pigagana sy amim-pankasitrahana, fa sady fitiavan-dray no fitiavan-dreny (jer. Iz 49,15) ny famindram-pon'Andriamanitra satria miahys antsika amin-kery toy ny ray Izy ary amim-pitiavana toy ny reny, te hanome antsika fainana vaovao mandrakariva ao amin'ny Fanahy Masina.

### **2. I Jesoa famindram-pon'ny Ray**

Vavolombelona fara tampon'ny fitiavan'Andriamanitra mpamindra fo amin'ny marary ny Zanany lahitokana. Impiry moa ao amin'ny Evanjely no taterina amintsika ny fihaonan'i Jesoa amin'ireo olona ianjadian'ny aretina isan-karazany. “Nitety an'i Galilea manontolo izy ary nampianatra tao amin'ny sinagôgan'olona, nitory ny vaovao mahafaly momba ny fanjakan'Andriamanitra sy nanasitrana ny aretina sy ny rofy rehetra tamin'ny olona” (Mt 4,23). Inona no anton'io fifantohana manokana amin'ny marary nataon'i Jesoa io izay lasa ivon'ny asa fanirahana notontosain'ny apôstôly mihitsy, izy ireo izay nalefan'ny Mpampianatra azy hitory ny Evanjely sy hanasitrana ny marary? (Jer. Lk 9,2).

Misy mpandinika iray tamin'ny taon-jato faha-20 milaza hoe: “Mampitokana tanteraka ny fanaintainana ary avy amin'io fitokanana samirery io no teraka ny fitadiavana ny hafa,

fiantsoana ny hafa" (2). Rehefa mahatsapa tena fa marefo sy mijaly noho ny aretina ny olona iray dia miha-mavesatra ny fony, mitombo ny tahotra, mihamaro ny fanontaniana mihodinkodina ao an-tsaina ao, lasa maika aok'izany hitady ny dikan'ny zava-drehetra miseho. Amin'ny fomba ahoana no hanaovana ambany maso tsy hita ireo marary, amin'ity valan'aretina ity, izay nanirery nandritra fitsaboana lalina teo amin'ny faram-paran'ny andro nianany, marina fa nahazo fitsaboana avy amin'ireo mpiasan'ny fahasalamana mahafatra-po izy ireo saingy lavitra ny fitiavan'ireo olon-tiany sy ireo havan-tsy foindy indrindra eto an-tany? Izany no maha zava-dehibe ny fananana eo anilan'ny tena olona mijoro ho vavolombelon'ny fitiavan'Andriamanitra izay mandrotsaka diloilom-piononana sy divaim-panantenana, toa an'i Jesoa, famindram-pon'ny Ray (3)

### **3. Mikasika nynofon'i Kristy mijaly**

Misy dikany manokana ho an'ireo mpiasan'ny fahasalamana ny fanasan'i Jesoa mba ho mpamindra fo tahaka ny Ray. Tonga ao an-tsaiko ireo mpitsab, ireo mpitsab mpanampy, ireo mpiasan'ny labôratoara, izay voatokana hanakaiky sy hanara-maso ny marary amin'ny fitsaboana azy ireo, toy izany koa ireo mpilatsaka an-tsitra-po maro izay manome ny fotoanan'izy ireo ho an'izay mijaly. Ry mpiasan'ny fahasalamana malala, ny fanompoana ataonareo amin'ny marary, tanterahina am-pitiavana sy amim-pahakingana, dia hahatonga ny asanareo ho lasa asa fitoriana. Ny tananareo mikasika nynofon'i Kristy mijaly dia manjary famantarana ny tanan'Andriamanitra Ray mpamindra fo. Tsarovy mandrakariva ny hasin'ny asanareo miaraka amin'ireo adidy goavana fonosin'izany.

Hisorantsika ny Tompo noho ny fandrosoan'ny siansa momba ny fitsaboana tato ho ato izy; nahavita dingam-pitsaboana lehibe izay tombony manokana ho an'ny marary ny teknôlôjia vaovao; mitohy hitondra ny anjara birikiny mandrakariva ny fikarohana mba hiadiana amin'ireo karazan'aretina vaovao; nivoatra izay tsy izy tamin'ny fahalalany sy ny hakingany ny sampana famerenana ny vatan'olombelona amin'ny laoniny aorian'ny fitsaboana. Izany rehetra izany anefa dia tsy tokony hanadinoantsika na oviana na oviana ny maha tokana sy maha izy azy ny marary tsirairay miaraka amin'ny fahamendrahana maha olona sy ny halemeny ihany koa (4). Mihoatra lavitra noho ny aretiny ny olona marary, noho izany ny fomba fitsaboana rehetra dia tokony tsy hanao tsinontsinona ny fihainoana ny marary, ny tantarany, ny tahotra aman-tebitebiny. Na sanatria aza ka tsy hisy fahasitranana intsony dia azo atao mandrakariva ny mitsab, azo atao mandrakariva ny mampionona, azo atao mandrakariva ny manao izay hahatsapan'ny marary fa misy olona akaiky azy izay maneho aminy ny fahamendrehana sy ny fahambonian'olona aloha izay vao ny aretina. Irariako noho izany ny fiofanana arak'asa omena ireo mpiasan'ny fahasalamana mba ho tonga amin'ny fahaizana mihaino sy mifandray akaiky amin'ny marary.

### **4. Ny toeram-pitsaboana, tobin'ny / tranon'ny famindram-po**

Fotoana iray hanampy antsika handinika manokana ny toeram-pitsaboana ny andro manerantany ho an'ny marary. Nitarika tsikelikely ny ankohonam-piainana kristianina hanokatra "tranon'ny samaritanina tsara fanahy" nandritra ny taon-jato maro ny famindram-po ho an'ny marary, ao amin'io trano io ny marary rehetra no voaray am-pitiavana sy voatsab, indrindra fa ireo tsy mba nahita valim-panontaniana mahafapo momba ny fahasalamany, noho ny fahantrana lalina na noho ny fanilikilihana eo amin'ny fiaraha-monina, na koa noho ny fahasarotam-pitsaboana ireo kazan'aretina mety mahazo. Amin'ireny zava-mitranga rehetra ireny, dia ireo ankizy sy zokiolona ary ireo olona tena marefo no tena lasibatra. Mba hiainana sy hanehoana an'io mpamindra fo tahaka ny Ray io dia nampiarahin'ireo misiônera maro

tamin'ny fitoriana ny Evanjely ny fanorenana hôpitaly sy tobim-pahasalamana ary trano fitsaboana samihafa. Sarobidy loatra irenny asa irenny satria nampiseho ny fitiava-namana kristianina sy ny maha azo inoana ny fitiavan'i Kristy izay njoroan'ireo Apôstôly ho vavolombelona. Tonga ao an-tsaiko ireo mponina any amin'ny faritra mahatrantra indrindra eto amin'ny "planeta" izay tsy maintsy mandeha lavitra vao mahita toeram-pitsaboana, na dia voafetra aza ny hoenti-manan'izy ireo dia miezaka manome izay azo homena izy. Mbola ho lava ny lalana, ary any amin'ireo firenena sasany dia mbola voatokana ho an'ireo manan-katao irery ihany ny fitsaboana, maneho izany ohatra ny fahavitsian'ny vaksiny hiadiana amin'ny Covid 19 any amin'ireo firenena tena mahatrantra; fa mihoatra izany ny tsy fisian'ny fitsaboana ireo karazan'aretina izay mila fanafody faran'izay tsotra.

Amin'ireo tranga lazaiko ireo dia te hanamafy ny maha-zava-dehibe ny tontolon'ny fitsaboana katôlika aho: zava-tsarobidy loatra mila tohanana sy jerena akaiky izy irenny; ny fisian'izy irenny dia mampatsiah y mandrakariva ny fisian'ny Eglîzy eo anilan'ireo tena mahatrantra marary sy ireo anaty trangana fijaliana lalina nefà hadino (5). Firifiry tamin'ireo mpanorina ny fikambanan-relijozy izay nahay nihaino ny kiakiaka sy ny tarainan'ireo rahalahy sy anabavy nijaly tsy mba nahazo ny fitsaboana na tsy voatsabo tsara no nanome ny tenany sy nanompo azy ireo. Amin'izao vaninandro izao, na dia any amin'ireo firenena mandroso aza, dia mbola maneho tso-drano ho an'ny olona ny fisian'ireny toeram-pitsaboana irenny, satria ankoatra ny fitsaboana ny vatana sy ny fahaiza-manao dia mbola afaka maneho fitiava-namana ho an'ireo marary sy ny fianakaviany izay ivon'ny fifantohana. Anatin'izao vanim-potoana iparitahan'ny kolontsainam-pako izao ka tsy hiheverana intsony ny maha-zava-dehibe ny hasin'ny aina dia fakan-tahaka irenny toerana irenny amin'ny maha tranon'ny famindram-po azy mba hitsaboana sy hitandrovana ny aina ary ny fahavelomana hatrany am-bohoka ka mandra-pahafaty araboajanahary.

## 5. Ny famindra-po amin'ny sehatra pastôraly: eo ary akaiky

Tao anatin'izay 30 taona nizorana izay, dia hita sy tsapa ny maha-sarobidy ny pastôralin'ny fahasalamana. Raha toa ka mariky ny tsy fahampian'ny fikarakarana ara-panahy ny fanilikilihana izay tena mampijaly ny mahatrantra, - ary azo lazaina hoe mahatrantra arapahasalamana ny marary - dia tsy ho azontsika atao ny tsy hanome azy ireo ny fomba rehetra maneho ny maha-akaiky an'Andriamanitra, ny tsodranony, ny teniny, ny fankalazana ny Sakramenta ary ny fitantanana azy ireo hiroso amin'ny lalana hitomboany sy hahamatotra azy ara-pinoana (6). Ny amin'io dia te hampatsiah y aho fa ny hoe akaiky ny marary sy ny manome azy ireo fitantanana ara-patôraly dia tsy adidy iandraiketan'ireo olona vitsivitsy liana amin'izany fotsiny. Fanasan'i Kristy antsika mpianany rehetra ny mamangy ny marary. Firifiry ny marary sy ny zokiolona mijanona ao an-tranony sy miandry famangiana. Ny asa fitoriana hanala alahelo dia adidin'ny vita Batemy rehetra, hahatsiarovantsika ilay tenin'i Jesoa hoe: "Narary aho novangianareo" (Mt 25,36).

Ry rahalahy sy anabavy, ankiniko amin'ny vavak'i Maria, fahasitranan'ny marary, ny marary rehetra sy ny fianakaviany. Enga anie hahita ny dikan'ny zava-mitranga sy ny fanalana alahelo ary ny fahatokisana izy ireo noho ny fiombonany amin'i Kristy izay mitondra ao amin'ny tenany ny fijalian'izao tontolo izao. Mivavaka manokana ho an'ireo mpiasan'ny fahasalamana aho mba homeny an'ireo marary ny fitsaboana sahaza azy sy ny fanatonana am-pirahalahiana noho izy ireo manan-karena famindram-po.

Amin'ny foko manontolo no hanomezako anareo rehetra ny tso-drano apôstôlika.

Natao teto Rôma, Saint Jean de Latran ny 10 desambra 2021, fahatsiarovana an'i Notre Dame de Lorette.

- (1) Cf. S. Jean-Paul II, *Lettre au Cardinal Fiorenzo Angelini, Président du Conseil Pontifical pour la Pastorale des Services de la Santé, pour l’Institution de la Journée Mondiale du Malade* (13 mai 1992).
- (2) E. Lévinas, «Une éthique de la souffrance», in *Souffrances. Corps et âme, épreuves partagées*, sous la direction de J.-M. von Kaenel, Autrement, Paris 1994, pp. 133-135.
- (3) Cf. Missel Romain, Préface commune VIII, Jésus bon Samaritain.
- (4) Cf. Discours “A la Fédération nationale des ordres des médecins chirurgiens et des odontologues italiens, 20 septembre 2019».
- (5) Cf. Angélus à l’hôpital “Gemelli” de Rome, 11 juillet 2021.
- (6) Cf. Exhort. ap. *Evangelii gaudium* (24 novembre 2013), 200.